SAF/FJKM
SAMPAN'ASA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

FANDAHARANA FANOMPOAMPIVAVAHANA ALAHADY 21 MARTSA 2021

Fanatrehana an'Andriamanitra
Fiarahabana apostolika
- Salamo 121:1-8

Hira 482:1,2,4
Vavaka fiderana sy fisaorana
Tenin'Andriamanitra
Hira 786 : 1,4
Fotoana ho an'ny tanora sy ny ankizy
Vavaka fangatahana ny fanazavan'ny Fanahy Masina
Soratra Masina
- Jeremia 20:11-13
- Lioka 8:11-15
- I Petera 1: 3-9

Hira 210 :1,3
Toriteny
Vavaka setrin'ny Tenin'Andriamanitra sy fifonana
Hira 415 : 3, 4
Teny famelan-keloka atolotr'Andriamanitra:
- Isaia 43 :1-3a ; Isaia 41 :10

« Sambatra ny olona izay voavela ny helony…. » Salamo 32:1-2
Hira FF 51
Fanekem-pinoana
Asa vavolombelona
Raharaham-piangonana
Rakitra
Fanolorana ny rakitra : Hira 275 : 1, 4.
Hira 460:1,2
Vavaka fangatahana
Tsodrano
Hira 506

Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amen.

HAFATRA

“Tazàno ny lalana, hetseho mafy ny herinao” Nahoma 2: 2

Isaorana Andriamanitra noho ny asan’ny Fiangonana eny amin’ny fiarahamonina anehoana fa velona ny finoana ka miasa isika araka ny Teny hoe “*ny finoana, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy”. Jakoba 2: 17*

Toy izao ny hafatra ho an’ity taom-piasana 2021 ity:

1- Mbola tsy foana ny valan’aretina Covid-19, ka manafatra ny kristiana rehetra mba hitandrina mafy hatrany ary hanaitra sy hanentana ny mpiara-belona amin’ny fiarovan-tena

2- Zava-doza ny fahapotehan’ny tontolo eto Madagasikara noho ny afo, ny fandripahana loharanon-karena na ambonin’ny tany (toy ny ala sy biby) na ambanin’ny tany na anaty rano. Manana adidy isika kristiana manoloana ireny toe-javatra ireny, ka tokony hiambina sy hanaitra ary hifampitaiza sy hitantana ny fiaraha-monina. Ny SAF/FJKM dia misehatra amin’izany ka azo ifandraisana amin’izay hilàna izany.

3- Entanina manokana ny kristiana amin’ny ady amin’ny “afo mandoza” sy ny ezaka ho fambolen-kazo. Adidy sy andraikitra lehibe eo anatrehan’Andriamanitra izany.

4- Iaraha-mahalala ny “kere” sy ny olana lalim-paka manjo ny havantsika any Atsimo. Maro ny asa efa tanterahantsika FJKM, sy ny Synodamparitany Ambovombe Atsimo Kristy Ranovelona ary ny SAF/FJKM. Mbola ezaka mitohy izany koa anentanana ny Fiangonana hatrany hatrany amin’ny asa fanohanana sy ny vavaka.

5- Mandroso ny asan’ny Volontera FJKM, izay mirotsaka an-tsitrapo manatanteraka asa eny anivon’ny fiaraha-monina ho fitantanana ny tandindon-doza sy ny loza voajanahary. Midadasika ny sehatrasa, koa manao antso ho an’ireo Synodamparitany sy Fitandremana mbola tsy manana Volontera FJKM mba hanangana izany. Ny SAF/FJKM no atonina hampifandray amin’ny fandrindrana.

6- Entanina ny Synodamparitany sy Fitandremana hanao ezaka ho an’ny “Fidiovana”, “Fahadiovana” sy “Fanadiovana” amin’ny alàlan’ny fahadiovan’ny toeram-piangonana sy ny fanabeazana ho amin’ny fahadiovana. Azo atonina ny SAF/FJKM amin’ny tari-dàlana fampiofanana sy teknika.

Farany, dia tolorana fisaorana eto ireo Fiangonana nanohana amin’ny fomba maro ary manentana hatrany amin’ny fifanohanana hampandroso ny asantsika eto amin’ny SAF/FJKM.

Entintsika eo amin’ny Tompo ny fikasana rehetra ary ho Azy irery ny voninahitra.

Ho aminareo anie ny Fiadanan’ny Tompo !

Ny Filankevipitondrana SAF/FJKM